## FANTARO NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA NY AMIN'NY FIAINANAO

« *Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona* ».Jaona 15 :16

Ao amin'ny Josoa toko faha 3,voalaza fa nanatrika sakana lehibe izay tsy hay vahan'olombelona ny zanak'Israely ;voasakan'ny rano ny làlana nohon'ny fisian'ny rano nanondraka mihoatra ny moron'ny Jordana .Raha toa ka nanaraka fiofanana tamin'ny sekoly biblika tsara indrindra amin'izao vanim-potoana iainantsika izao i Josoa dia inoana fa nolazainy tamin'ny fahendrena tamin'ny zanak'Israely ny hoe : « Hiandry eto amin'ny morondrano isika mandrapisokafan'Andriamanitra làlana eo amin'ny rano » na araka ny fiteny ankehitriny hoe : « Miandry mandrapivoahan'Andriamanitra ny vavahady isika ».Kanefa ny teniny dia hafa mihintsy.Niteny tamin'ny Mpisorona izy mba hitondra ny fiara fanekena ka handeha avy hatrany anaty rano.Hany ka vao nandroboka ny tongony tamin'ny sisin-drano izy ireo dia nizara ny onin'ny jordana araka ny voalaza hoe : « *ka tonga teo Jordana izay nitondra ny fiara, ary naroboky ny mpisorona izay nitondra ny fiara tamin'ny sisin-drano ny tongony (fa tondraka mihoatra ny morony rehetra Jordana mandritra ny fararano), dia nijanona ny rano izay nidina avy tany ambony ka tonga toy ny antontan-javatra tery lavitra ery, dia tery amin'ny tanàna Adama, izay eo anilan'i Zaretana; eny, tapaka tokoa ny rano izay nidina ho any amin'ny ranomasin'ny tani-hay*, dia ny Ranomasin-tsira; ary ny olona dia nita tandrifin'i Jeriko. Ary ny mpisorona izay nitondra ny fiaran'ny faneken'i Jehovah dia nijoro tsara tamin'ny tany maina teo afovoan'i Jordana, ary ny Isiraely rehetra nandeha tamin'ny tany maina mandra-pahatafitan'izy rehetra an'i Jordana. [*Heb. Arabà]* »

Josoa 3:15-17

Raha ohatra ka niteny ny zanak'Israely i Josoa hiandry an 'Andriamanitra hampisaraka ny rano,dia azo inoana fa na dia ny taolan'izy ireo aza dia mbola nameno ny sisin'ny Jordana ka tanihin'ny ain'andro foana satria tsy nijanona mihintsy ny rano na oviana na oviana raha tsy naroboka ny tongotra.

Tahaka an'i Petera,mpianatr'i Jesosy ,tsy nahavita nandeha ambonin'ny rano na oviana na oviana mihintsy izy raha tsy nivonona handroboka ny tongony tao anaty rano.

Raha tsy fantatrao ny antson 'Andriamanitra ny amin'ny fiainanao,dia fotoana izao ny tsy tokony hiandrasana intsony zavatra lehibe hitranga fa tokony hivonona sy hiroboka hanao ny dingana voalohany.Tokony miala ao anaty sambo ka mandroboka ny tongotra ao anaty rano. Fotoana izao hanarahana ny làlana araka izany antso izany.Fotoana izao hanombohana zavatra!

#### EFA MANONDRO AMIN'NY TOKONY HANDEHA IZAO NY FAMANTARANA



Tsy misy olona eto an-tany raha mitondra fiara ka mijanona tsy mandeha manoloana ny jiro takelaka maintso ka hiandry ny jiro takelaka ho maintso avokoa vao handeha.Nefa,Maro ireo olona miandry,mipetraka,tsy manao na inona na inona,satria mihidy ho azy ireo avokoa ny varavarana ary tsy fantany ny fiovan-javatra izay miseho eo amin'ny fiainany.Ny dingana tena sarobidy dia ny fanaovana ezaka araka ny fahamarinana izay eo anoloanao .Ataovy araka izay tratranao izany fa raha mahatoky ianao dia ampian' Andriamanitra sy omeny bebe kokoa.

Ho an'olona maro,izany dingana voalohany izany dia toa sarotra tanterahana satria tsy mahatoky ny fiasan'Andriamanitra marina izy ary mahatahotra ny hanao zavatra mialohan'Andriamanitra hany ka lasa mijanona miandry eo foana.Antony azo lazaina mendrika ihany izany kanefa ny mampalaelo lasa ho fialan-tsiny matetika ho an'ny Kristianina maro izany.

Ao amin'ny Lioka 9:59,Jesosy nilaza tamin'ny ralehilahy iray nanao hoe:"*Manaraha ahy*".Tian'ny ralehilahy tokoa ny hiaraka amin'i Jesosy kanefa hoy izy:"*Aoka aho aloha handeha handevina ny raiko*".Fa hoy i Jesosy taminy:"*Aoka ny maty handevina ny maty ao aminy;fa ianao kosa mandehana,ka mitoria ny fanjakan'Andriamanitra*"

Raha toa ka ara-drariny, mieritreritra isika fa tsy firaharahana ny maty ny valintenin'i Jesosy.Ary tsy hay fantarina nahoana Jesosy no tsy namela io ralehilahy io handevina ny rainy satria tsy dia mandany fotoana betsaka izany.Mety hanontany tena mihintsy isika hoe:"nahoana i Jesosy no niteny mafy

tamin'ny ralehilahy ka tsy namela azy handevina ny rainy ".Aoka ho fantatrao anefa fa "Inona no mahatonga anao hino fa maty tokoa ny rainy?".Tsy voalaza ao amin'ny andininy fa maty tamin'io fotoana io tokoa ny rainy….fa ralehilahy nanambara fa hiandry ambara-pahalevin'ny rainy vao hamaly ny antson'i Jesosy.Mety efa antitra be na marary ny rainy.Na inona na inona ny antony nandavan'ny ralehilahy an'i Jesosy,dia ny tao an'eritreriny dia ny mbola hisian'ny fotoana hafa mety hanarahana tsara an'i Jesosy ankoatra ny fotoana izay niantsoan'i Jesosy azy.

Mahafantatra izany aho,isika fa maro amintsika no mieritreritra tahaka izany.Miantso antsika i Jesosy amin'izao toerana fahatanorana izao ka valiantsika manao hoe:"Tompo ô,hanaraka anao aho fa aleo alo aho handrato ny fianarana".Ao aorian'ny fahavitan'ny fianarana,henontsika indray ny antson'i Jesosy ka hoy isika hoe:"Tompo ô,hanaraka anao aho fa aleo alo aho hamorona tokantrano".Manambady isika ka mahazo zanaka ary tsy ela dia miantso antsika indray Jesosy.Mamaly ihany isika manao hoe:"Tompo ô,hanaraka anao aho fa aleo alo aho hanangona harena sy vola ho enti-miady amin'ny andro mahory"."Fa aleo alo ny zanako hanao ny fanadinana"."Fa aleo alo ny zanako hamita ny fianarany"."Fa aleo alo aho rehefa misotro ronono"."Fa aleo alo aho,fa aleo alo aho…"Mialohan'ny fotoana ahatanterahantsika ireo rehetra ireo,ny tenantsika mety efa ho faty sy levona ka tsy nanaiky ny antson'Andriamanitra mihintsy isika.

**NY HANY TOKONY HATAO AMIN'NY ANTSON'ANDRIAMANITRA**

Mety hisy foana ny fotoana mety hamaliana ny antson'Andriamanitra izay omeny kanefa tsy hisy mihintsy io fotoana eritreretina ho tena mety io.Jesosy dia niantso an'i Simona sy i Andrea kanefa izy ireo dia teo amin'ny fanaovana ny asany fanaratoana izay ahazoana tombontsoa sy ahazoana vola mihintsy aza.Kanefa rehefa niantso azy ireo Jesosy "Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka azy.(Marka 1:18).Izany no valiny tokana tena mety tokony hatao amin'ny antson'Andriamanitra.Avelao ny zavatra rehetra,Afoizo izany ary manaràha azy.

Ampirisihana araka izany isika hanomboka hamaly ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika anio.

Afaka mianatra ny foto-pisainana mikasika ny mozika mandritra ny fiainana ianao kanefa tsy mahay izany ianao raha tsy mandray sy manao fampiarana.Amin'ny voalohany,tsy asa mora izany.Marary avokoa ny ratsan-tanana.Mety ho kivy sy diso fanantenana mihitsy aza ary indraindray mahatsiaro toa tsy mirindra ny fihetsika ataon'ny tananao,mahatsiaro ho tsy mahay .Ny fahatahorana hiatrika ny fahatsapana sy ny fihetseham-po no mahatonga ny ankamaroan'olona tsy hanaraka ny antson'Andriamanitra.



*Tsy voatery hahazoana fahombiazana avokoa ny zavatra atao*;ny tena marina maro ireo fanandramana atao izay mety tsy hahomby.Kanefa mandritra ireny fanandramana tsy nahomby rehetra ireny dia misy fampianarana na lesona tsara azo izay tena ilaina mandrak'ankehitriny.Tahaka ny famoronana ny jiro mandeha amin'ny herin'aratra,amantaonany sy fanandramana maro tsy nisy fahombiazana no nolalovan'I Thomas Edison.Hoy indrindra izy hoe:"Raha tsy maintsy anatrika fanandramana 10 000 isa izay tsy mahomby aho,dia tsy mihevitra na dia iray amin'izany ho tsy fahombiazana.Tsy ho kivy aho satria isaky ny fanandramana tsirairay dia dingana hafa ho enti-mandroso"ary tsy manaiky matahotra ny tsy fahombiazana izy.Aoka tsy ho latsa danja noho izany ny fanaovana ny dingana amin'ny antson'Andriamanitra.

**INONA NO ATAHORANAO?**

Ao amin'ny Matio 25,misy tantarana olona iray handeha ho any an-tany hafa ka nizara ny fananany tamin'ny mpanompony,koa ny anankiray nomeny talenta dimy,ny anankiray roa ary ny ananfiray iray.Fantasika tsara izany tantara izany fa lasa ilay nandray ny talenta dimy ka nataony varotra izany ;ary nahazo tombony talenta dimy koa izy.Ary toa izany koa ilay nandray ny roa dia nahazo roa ho tombony.Fa ilay nandray ny iray kosa nandevina ny talentany.Ary hoy izy: "*natahotra aho ka lasa nandevina ny talentanao tao anatin'ny tany*"(Matio 25:25)

**NALEVINY TAO ANATIN'NY TANY NY TALENTANY NOHO NY FATAHORANY!**

Inona marina no natahorany?

Matahotra tsy hahavita amerina? Matahotra fanesona?Matahotra ny hiasa mafy?Zavatra iray no azo antoka fa marina:ny nahatonga azy atahotra,ny

talenta nomena azy no natahorany mafy noho ny tompony.

Raha namorona an'I Adama Andriamanitra dia nataony tamin'ny vovon-tany izany.Tahaka ny tavy vita amin'ny tanimanga isika eo anatrehan' Andriamanitra.Ary ao anatin'io vovon-tany io no andevenan'ny ankamaroan'ny olona ny talentany…noho ny fatahorany.

Ny fasana dia anisan'ny toerana tena manjombona ao amin'ny Tanàna iray.Tsy nohon'ny fisian'ny olona maty ao aminy no mahatonga izany fa noho ny zavatra maro nilevina niaraka tao.Boky sy tononkira maro tsy voasoratra,toriteny maro tsy voambara,ny famelan-keloka tsy voazara,fikarohana maro tsy niitatra,fetezam-pisiana tsy afaka nampiarina!Zavatra maro no voalevina ka tsy hita mandrakizay satria olona iray no natahotra fanakianana,fandaozana, fahasarotana ara-bola na fatahorana ny ainy.

Ry namana,indray andro any,isika izao dia hijoro eo anoloan'ny Tompo Jesosy ary tsy maintsy hamerina aminy izay talenta nomeny antsika.Marina fa tokony atahotra io andro io isika voalohany kanefa mialoha izany tokony efa ho vonona tanteraka fa raha ho tonga io fotoana io dia tsy hitsanga menatra eo anoloan'i Tompo isika.

Inona no mety nitranga tamin'ity mpanompo iray ity raha ohatra ka nampiasainy ny talenta iray nomena azy ka tsy natafaverina izany noho ny fitotongan'ny toe bola ohatra?Azo inoana fa nanehoan'ny tompony fankasitrahana izy satria efa niezaka nanomboka asa izy.

Tadidio ary fa RESY 100% FOANA IANAO AMIN'NY ADY IZAY TSY IADIANAO AKORY.

Ankehitriny,Maro ireo olona izay miandry, mipetraka,tsy manao na inona na inona satria tsy fantany izay tokony ataony.

Koa inona no atahoranao?Inona no ho foinao?Sahia manao dingana voalohany hamalianao ny antson'Andriamanitra ary fantaro fa tsy manao na inona na inona dia ratsy nohon'ny tsy fahombiazana.

# TENA MISY NY LANITRA




**TOKO 1** :E0 AN-DALANA MANKANY AN-DANITRA

"*Eny,miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony ao amin'I Kristy Jesosy*"

Filipianina 3:14

Choo Nam Thomas no anarako,Koreana amerikana aho.Zanaka vavy tokan'ireo ray aman-dreniko izay efa maty aho.Manana anadahy roa;kely sy lehibe aho.Manambady ary niteraka roa ;iray lahy ary iray vavy ary efa manambady avokoa izy ireo.Manana zafikely roa lahy sy roa vavy ihany koa aho.Tsy mba anisan'ny mpino ireo fianakaviko any Korea.Ary izaho tsy mba naheno ny momba an'i Jesosy alohan'ny nandehanako tany am-piangonana .Zara fa nanana fahalalana kely momba ny fiangonana sy ny amin'Andriamanitra fotsiny aho.

Lasa Kristianina aho ny Febroary 1992.Tao aorian'ny nandehanako indray na in-droa tany am-piangonana dia latsam-paka tato anatiko ny fitiavana an'i Jesosy. Rehefa fantatro ireo zavatra nataon'I Jesosy ho ahy dia nanapa-kevitra ny hifikitra aminy mandritra ny androm-piainako rehetra aho.

Namaly ahy Andriamanitra teo am-pihainoana ny vavaka izay nataoko ka nahatonga ny finoako natanjaka sy nahazo hery isan'andro hatrany.Vetivety dia adinoko avokoa ireo fanao taloha. Manomboka maraina mandra-pahariva ny andro dia tsy manana eritreritra afa tsy i Jesosy aho.Nanana tahotra an'Andriamanitra tokoa aho ka tsy nihevitra hanao fanahiniana handà izay sitrapony.Ny sitrapony hatrany no nataoko ary niezaka ny hahalala ny momba azy bebe kokoa aho mba hahafahako miteny ny momba azy amin'ny hafa ihany koa.

**NY AMIN'NY FAHITANA SY NY AFON'ANDRIAMANITRA**

Nandray ny afon'ny Fanahy masina aho ny volana janoary 1994 raha nivavaka tao an-tranoko.Iray volana taty aoriana raha nanome voninahitra an'Andriamanitra tao anatin'ny fivoriam-bavaka tany "Tacoma (Washington)" aho dia indro hitako ny fanatrehan'i Tompo nipetraka teo akaikin'ny

lampihazo ("estrade") ka nifandiro ny tongony ary hitako tahaka ny olona izy afa-tsy ny endriny.Araka ny fahitako dia fotsy malandilandy ny volony ary nanao akanjo madio mangalahala izy.Nandritra ny dimy minitra dia nahita maso azy aho.Tao aorian'ny nahitako izany dia tena feno hafaliana tanteraka tsy hay ambara ny tenako ka dia nifantoka betsaka taminy aho.Tao aoriana kelin'io fahitako io izay tena nanova ny fiainako dia nanomboka nanatrika fivoriana tao amin'ny"Puget Sound Christian Center" any "Tacoma"(Washington) aho niaraka tamin'ny fianakaviako.

Niaina zava-panahy lalina ihany ko aho ny alahadin'ny Paska 1995.Raha mbola tao am-piangonana tao amin'ny"Puget Sound Christian Center" aho dia nihovitrovitra mafy tokoa ny tenako ka voatery nijanona hatramin'ny fanompoam-pivavahana faharoa izahay.Niaina tao anatin'izany fahatsapana mahazatra izany aho tao amin'ny "quakers","shakers" ary ny pantekotista taloha.

Nanomboka tamin'io fotoana io dia tsy nitsahatra nihovitrovitra ny tenako rehefa ao am-piangonana sy rehefa mivavaka any an-trano .15 andro tao aorian'ilay tranga ny alahadin'paska iny dia nahazo fanomezam-pahasoavana hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho ka nanomboka nihira tamin'ny fanahiko.Raha teo am-pijerena ny fanentanana nataon'i "Benny Hinn" mpanompon'Andriamanitra iray tamin'ny fahita lavitra dia nitsangana aho ary nasandratro avo ny tanako tao anatin'ny vavaka.Avy eo dia nianjera tamin'ny tany nandritra ny adin'ny telo teo ho eo aho.Nahery tokoa ny hosotry ny Fanahy masina ka tsy afaka niharina mihintrsy aho.Tsy nanao afa-tsy ny nihira,niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho ary tena miramirana tokoa.

Tao aorian'izany,isaky ny fivoriam-bavaka dia mahita ny fanatrehan' i Jesosy Tompo aho ao am-piangonana tahaka ny fahitako azy ihany fa tsy toy ny famirapiratana lehibe tahaka ny nahitako azy voalohany.

**KAPOAKA VOAOMANA AMPIASAINA**

Mino aho fa ireo fahitana izay manaitra sy mahatalanjona ireo dia manambara avokoa ny fanomanana amin'ny asa izay asain'i Tompo hataoko.Nanana hetahetam-po lalina aho ny mba hananako ny fanomezam-pahasoavana hanasitrana sy ny hitaona fanahin'olona kanefa tsy haiko ny manatanteraka izany afa-tsy ny manambara amin'ny olona rehetra ny momba an'i Jesosy.Sasany tamin'ireo fianakaviako sy ireo namako, tany am-boalohany ,dia nandà ny fanambarako ny amin'i Jesosy kanefa ankehitriny dia niova ny zavatra rehetra.Na iza na iza no miaraka amiko dia te hanambara ny amin'i Jesosy ihany aho ka nanaiky nanome ahy tombony izy ny hitarihako olona maro ho ao aminy indrindra ireo akaiky ahy sy ireo namako.Amin'izao fotoana izao,maro ireo olona tiako izay voavonjy.

Eo am-bavako sy ao an-tsaiko mandrakariva Jesosy.Rehefa manatrika ady sarotra aho,dia mieritreritra ny zavatra nataony tamintsika olombelona.Rehefa mahatsiaro izany asa nataony izany aho dia tsapako fa tsy misy zavatra sarotra eo amiko.Raha toa ka misy olona mandratra ahy dia misaina fotsiny ny amin'ny fijaliana niaretan'i Jesosy tao Kalvary aho mba hiverenan'ny fahatoniana tsikelikely ato anatiko.

Talohan'ny namangian'i Jesosy ahy voalohany dia nanofy zavatra miavaka teny ambonin'ny rahona aho.Nampatsiahy ahy zavatra izay nolazain'ny raiko niteraka ahy indray andro izany.

Araka ny nolazainy dia nanofy toy io nofiko io ihany koa ny reniko,raha mbola tsy teraka akory aza aho.Tsy hadinony mihintsy io nofy io izay nahitany andro mazava ka lasa rakotra rahona tampoka teo.Nanantona teo anoloan'ny trano hoy ihany izy ilay rahona ka ny sasany nameno ny efi-trano natorian'ny reniko ka nanjary nameno hazavana fotsy mamiratra tao.

Narary foana ny reniko nandritra ny androm-piainany,ary maty tamin'ny faha 40 taona izy.Tsy mba niteny tamiko izany nofiny izany ny reniko,fa ny raiko no nanambara matetika tamiko izany indrindra fa ny momba ilay rahona.Tsy mba nieritreritra izany mihintsy aho ambara- pahitako ny fahitana tamin'ny nofiko.

Araka ny hevitry ny raiko momba io rahona io dia hoe hanana fanambinana be mihintsy aho raha toa ka lahy satria taloha ny ankamaroan'ny tatsinanana dia mino fa ny lehilahy irery ihany no afaka mahazo fiainana feno voninahitra.Kanefa matetika aho no resy lahatra fa famantarana avy amin' i Tompo izany nofy izany.Eo am-pamakiana ity boky ity dia ho hitanao fa

mitana anjara asa lehibe amin'ny asa anomanan'i Tompo ahy mandritra ny fiainako io rahona io.

Nanomboka ny nahitako an'i Jesosy dia nanampaniriana ny hivavaka ho an'ny hafa aho.Tena lasa mpiady mahery tamin'ny vavaka aho.Tamiko, ny fifonana ho an'ny hafa dia lasa fanaoko teo amin'ny fiainako.Nandritra ny iray taona,nialohan'ny naha voavonjy ny vadiko "Roger",dia nandeha matetika tamina fikambanana mampianatra ny soratra masina tany amin'ny fikambanana koreana-amerikana aho.

Tsy mba niasa nandritra ny tontolo andro tao ampiangonana aho ary tsy nahafantatra mihintsy ny hoe Andriamanitra,kanefa izany tsy nahasakana an'I Tompo nisafidy ahy hanatanteraka asa voatokana.

Araka ny tenin'i Tompo Jesosy dia maniry izy aloha ny mba hitondrany ahy hahalala sy hianatra hankato azy ary koa mba hifantoka aminy irery ihany. Tamin'ny nampisehoany ahy ny paradisa sy ireo fahitana hafa izay nahazoako tombontsoa dia nanomboka nanomana ahy izy ho amin'ny asa izay niantsoany ahy.Amin'izao fotoana izao,dia mianatra aminy aho amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fianarana ny teniny.

**FAHITANA NY PARADISA**

Ireo toko hafa amin'ity boky ity ,araka izay ho hitanao dia hanambara ny fitsidihana mahagaga nampanaovin'Andriamanitra ahy hatramin'izay nanolorako ny fiainako ho azy.Nangataka izy ny mba hanoratako ny zavatra rehetra hitako mba ho hita sy ho azon'ny olona rehetra.Ny antony nifidianany ahy amin'ity asa lehibe nankininy tamiko ity dia mijanona ho misitery(zava miafina)ho ahy kanefa fantatro fa ho entiny hampitandremana ny olona rehetra eto ambonin'ny tany sy ny fiangonana fa tsy hanana fotoana maro intsony isika hanatanterahana ny asa anirahany antsika.

Ny Raintsika any an-danitra dia te ampahafantatra antsika fa tena tia antsika tokoa izy ary te hitahy antsika ihany koa raha matoky azy isika ka mankatoa ny teniny.Nampahitany ahy ihany koa fa maro ireo mpino fanta-bahoaka izay tsy mino ny fisian'Andriamanitra ary ny fisian'ny lanitra marina. Lazaiko marina fa afaka mahafantatra isika fa misy marina ny lanitra.Fanampin'izany,fantatro ankehitriny fa ny Tompo dia manana fahefana,araka ny ambaran'ny tenin'andriamanitra manao hoe: "*Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza,* "(Efesiana 3:20)

Ny tanjona amin'ity boky ity dia ny mba hanomezamboninahitra ho an'i Jesosy:" *ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena*. "(Efesiana 3:21)

Miangavy aho,vakio ireo fanambarako ireo amin'ny saina sy fo tony ary avelao ny Tompo hiresaka aminao.Manana drafitra sy tanjona tena mahafinaritra ho an'ny fiainanao izy.Nanomana fitoerana ho anao any an-danitra izy.Tahaka ahy,afaka hahazo fifaliana tsy hay lazaina mba hafantaranareo fa efa an-dàlana ho any amin'ilay toerana nampanantenana ianareo.

**TOKO 2**:MANANA NY FAHEFANA REHETRA ETO AN-TANY SY ANY AN-DANITRA

"*Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hœ: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany*"

Matio 28:18

Araka ny faminanian'ny mpitandrina "Larry Randolph"dia lasa taona tsara indrindra, mampiontana,manoritra ary mahery indrindra teo amin'ny fiainako ny taona 1996.Ny andro mialoha ny taom-baovao no nanombohan'izany rehetra izany.Nahazo ny osotra avy amin'Andriamanitra nandritra ny alina aho,tena mahery izany ka zara raha afaka niaina aho.

Efa niaina nandritra ny fisian'ny herin'ny Fanahy masina aho teo aloha,fa io alina io dia niavaka.Tena fotoana feno fitiavana sy fietanam-po lehibe izany ary tsapako fa misy zavatra mahafinaritra sy sarompatarina tonga tamiko.

Mifanohitra amin'ny lojika sy ny saina io niainako io fa ny fanatrehan'Andriamanitra dia tena tanteraka ka nanana fahatsapana aho fa afaka maninjitra ny tanako mba hikasiako tanteraka ny tanany.Tena zava misy ara-panahy izay mihoatra betsaka izay fahatsapana niainako teo amin'izao tontolo izao izany.

Nanana fanantenana aho tao am-poko,satria fantatro fa miandry ny fanatrehan'Andriamanitra sisa aho ka hiresaka sy haneho ahy zava-mahatalanjona izy.Nandritra iny alina lava mahafinaritra iny,dia

nifikitra tamin'ny andininy ao amin'ny Jeremia aho izay mirakitra fampanantenan'i Ray" *Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao*."Jeremia 33:3

Teo am-piandrasana, izay feno fanantenana,naheno ny tsipoapoaka sy ny fampisehoana mahoraky ny fetin'ny taom-baovao aho.Teo ampiantombohan'ny taona 1996 dia mbola nanohy niandry aho nanomboka ny ora voalohan'ny maraina ka hatramin'ny vao mangiran-dratsy.Tsy nisy zava niseho anefa fa nino ny aheno an'Andriamanitra aho.

Ny 01 Janoary 1996 dia nangatsiaka merimerika ny andro teo amin'ny tanànanay fa ny foko dia nibosesehan'ny hafanana sarobidy izay tsy azon'ny hatsiakan'ny ririna nampihenana.Nanakoako tato am-poko ny tenin'Andriamanitra manao hoe:"*Miandràsa an'I Jehovah ianao;matokia ary aoka hahery ny fonao;Eny miandrasa an'i Jehovah*"Salamo 27:14

Miandry…anisan'ny zavatra iray sarotra indrindra eto an-tany izany kanefa izany no tsiambaratelon'ny herin'ny fiainana ara-panahy.Tian'Andriamanitra hiandry azy isika satria izany no ahazoana ny faharetana tena ilaina mba hitomboana amin'ny fanompoana azy.Na dia tsy natory aza aho ny alina dia nahatsapa ho afa-tsasatra,faly sy feno aina vaovao ny andron'ny taom-baovao,izay nifaliako niaraka tamin'ny fianakaviako.Ny alina ,tamin'ny 9 ora ka hatramin'ny 11 ora,ny hafanan'ny fanatrehan'ny Tompo no nanosika ahy tsy hatory.Raha iny vao hatory iny aho dia taitra tamin'ny fahatanjahana,efa tsy mahandry ny hiaino ny feon'Andriamanitra hiresaka amiko.

Io fandaharam-potoana io ,izay tsy nahitako torimaso loatra intsony dia nitohy nandritra ny faha 15 ny volana Janoary io fa tsy mbola naheno ny Tompo niresaka tamiko aho.Na izany aza,amin'ny alalan'ny finoako,tsapako fa manomana ahy amin'ny fihaonana aminy manokana izy.

**FIHOVITROVITRA AMIN'NY ALINA**

Ny 19 Janoary,taitra tamin'ny telo ora maraina aho.Nangovitra ny tenako,izay mbola tsy mpahazo ahy mihintsy nandritra ny torimasoko.Indraindray, nanomboka ny Paska 1995,nangovitra ny tenako nandritra ny fotoam-pivavahana sy nandritra ny vavaka ataoko manokana.

Ny alina dia fotoana tony tsy misy fialam-boly,mety indrindra amin'i Tompo hanatonany ny olony.Tena izany mihintsy ny tranga mahazo ahy.

Indraindray,ny hosotr'Andriamanitra tamiko dia mahery loatra ka toy ny mahatsapa aho fa ho torana.Indraindray mahafanina sy maharereka ahy.Matetika aho no mijanona eo am-pandriana tsy afa-mihetsika noho ny fanatrehana maherin' Andriamanitra.Tena mahafinaritra daholo izany ka tsy haiko ambara mazava fa ezahako hazavaina aminao tahaka ny inona izany.

Ny Baiboly dia maneho antsika ohatra maro:ny olona mangovitra manoloana ny fanatrehan' Andriamanitra. Indraindray,io fisehoana io dia arahina tahotra fa ny ankamaroan'ny fotoana dia fanomanana izany. Andriamanitra dia manomana ny fanatanterahana asa lehibe amin'ny kapoakany voatokana.Izany indrindra no niseho raha nandre ny feon'Andriamanitra nanao hoe:" *Izaho va tsy atahoranareo? hoy Jehovah; Tsy mangovitra va ianareo eo anatrehako, izay nanao ny fasika ho fefin'ny ranomasina, dia fetra mandrakizay tsy azony hihoarana? Ka na dia mitopatopa aza ny onjany, dia tsy mahavaky azy, ary na dia mirohondrohona aza, dia tsy mahahoatra azy*." (Jeremia 5:22)

Ilay olona ho lasa Mpaminany matahotra namaly hoe:" *Montsamotsana ato anatiko ny foko, mangozohozo ny taolako rehetra, toy ny olona mamo aho, ary toy ny lehilahy leon-divay, noho ny amin'i Jehovah sy noho ny teniny masina*." (Jeremia 23:9)

Ny tenin'Andriamanitra dia maneho antsika fa toe-javatra araka ny tokony izy ny mangovitra eo anoloan'i Tompo.Hitantsika ihany koa ny ohatra ao amin'ny Daniela 10:7,Salamo 99:1 sy 114:7,Habakoka 3:16 sy Matio 28:4 ary ihany koa ao amin'ny Asan'ny apostoly 4:31 izay anisan'ny andininy tiako:" *Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana*."…***Mbola hitohy.***

## ANDININ-TSORATRA MASINA TSARA HO TADIDINA



- Salamo 71:5

Fa Hianao no fanantenako, Jehovah Tompo ô, ry tokiko hatry ny fony aho mbola tanora.

- Kolosiana 2 :8

Tandremo fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin'ny filosofia sy ny famitahana foana, araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i Kristy.

- Salamo 105:3-4

Ataovy ho reharehanareo ny anarany masina; Aoka hifaly ny fon'izay mitady an'i Jehovah. Mitadiava an'i Jehovah sy ny heriny Katsaho mandrakariva ny tavany.

- Matio 6:32

Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany.

## FANDAHARAM-POTOANA FAMAKIANA NY BAIBOLY ISAN'ANDRO Novambra 2010



| TOKO SY ANDININY | DATY | VITA |
|---|---|---|
| Jaona1:1-28 * | 1 | ☐ |
| Jaona 1:29-51 | | ☐ |
| Jaona 2:1-25 | 2 | ☐ |
| Jaona 3:1-21 | 3 | ☐ |
| Jaona 3:22-36 | 4 | ☐ |
| Jaona 4:1-26 * | 5 | ☐ |
| Jaona 4:27-54 | | ☐ |
| Jaona 5:1-30 | 6 | ☐ |
| Jaona 5:31-6:13 * | 7 | ☐ |
| Jaona 6:14-40 * | 8 | ☐ |
| Jaona 6:41-71 | | ☐ |
| Jaona 7:1-24 * | 9 | ☐ |
| Jaona 7:25-52 | | ☐ |
| Jaona 7:53-8:20 | 10 | ☐ |
| Jaona 8:21-38 * | 11 | ☐ |

| | | |
|---|---|---|
| Jaona 8:39-59 | | ☐ |
| Jaona 9:1-23 * | 12 | ☐ |
| Jaona 9:24-41 * | | ☐ |
| Jaona 10:1-21 | 13 | ☐ |
| Jaona 10:22-42 | 14 | ☐ |
| Jaona 11:1-29 * | 15 | ☐ |
| Jaona 11:30-53 | | ☐ |
| Jaona 11:54-12:19 | 16 | ☐ |
| Jaona 12:20-36a | 17 | ☐ |
| Jaona 12:36b-50 * | 18 | ☐ |
| Jaona 13:1-30 | | ☐ |
| Jaona 13:31-14:14 * | 19 | ☐ |
| Jaona 14:15-31 | 20 | ☐ |
| Jaona 15:1-27 * | 21 | ☐ |
| Jaona 16:1-16 * | 22 | ☐ |
| Jaona 16:17-33 | | ☐ |
| Jaona 17:1-26 | 23 | ☐ |
| Jaona 18:1-27 | 24 | ☐ |

| | | |
|---|---|---|
| Jaona 18:28-40 | 25 | ☐ |
| Jaona 19:1-22 | 26 | ☐ |
| Jaona 19:23-42 | 27 | ☐ |
| Jaona 20:1-23 | 28 | ☐ |
| Jaona 20:24-21:14 | 29 | ☐ |
| Jaona 21:15-25 | 30 | ☐ |
| | | |